



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA MANOKANA
TAONA 2019

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-2

FIFIDIANANA NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA

Fivoriana faha-2
Natao ny
Talata 16 Jolay 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona,
Solombavambahoaka Zokiolona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa TSARADIA Marco,
Solombavambahoaka Zandriolona

FOTOANA: Talata 16 Jolay 2019, tamin'ny 4 ora sy 25 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fifidianana ny Filohan'ny Antenimierampirenena.

Fanamarihana: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka Zokiolona no nitarika ny fivoriana teo ampiandohana kanefa noho ny filatsahany hofidina, ny Zokiolona Lefitra indray no nisolo toerana azy araka ny lalàna. Noho izany, Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy nitarika ny fivoriana tamin'ny fifidianana ny Filohan'ny Antenimierampirenena no manao sonia ity fitanana an-tsoratra ity.

Vory marobe toy ny tamin'ny lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana manokan'ny Antenimierampirenena ny Solombavambahoaka ny tolak'andron'ny Talata 16 Jolay 2019 tamin'ny 4 ora sy 25 minitra.

Teo ampanombohana, nanamarika Ramatoa Zokiolona fa araka ny andininy faha-12, andalana faha-2 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena: "Ny filatsan-kofidina ho amin'ny toeran'ny Filoha dia apetraka ao amin'ny sekretaria natokana ho an'izany ora iray farafahakeliny alohan'ny ora ferana ho an'ny latsa-bato".

Raha ny ora eto amin'ny Antenimierampirenena no jerena, amin'ny 4 ora sy 45 minitra izao, noho izany tokony ho tafapetraka amin'ny 5 ora farafahatarany ny anaran'izay maniry hirotsaka. Izany hoe, amin'ny 6 ora, hariva, no hanaovana ny fifidianana izay ho Filohan'ny Antenimierampirenena raha voahaja io fe-potoana io.

Ho fanatanterahana io andinin-dalàna io, naato tamin'ny 4 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana ka Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Zokiolona Lefitra no Filoha nitarika ny fivoriana satria nilatsaka hofidina ho Filohan'ny Antenimierampirenena Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka Zokiolona.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa Zokiolona Lefitra, nambarany fa filatsahan-kofidina iray ihany no voapetraka araka ny voalaza teo ambony izay amin'ny anaran-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, avy amin'ny antoko IRD, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ambatofinandrahana.

Nambarany ihany koa fa maharitra 10 minitra ny faharetan'ny fandraisam-pitenenana mandritra ny fampihelezan-kevitra amin'ity fifidianana izay ho Filohan'ny Antenimierampirenena ity.

Taorian'izay, nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nangataka handray fitenenana ka ireto avy izy ireo:

- Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène
- Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Nepatraiky André
- Andriamatoa MAMANGY Norbert
- Andriamatoa RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- Andriamatoa RAZARA Pierre Ravolaza Fidèle
- Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa
- Ramatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse
- Andriamatoa RAPHAELIEN Solofoniaina Emilien Narson

Raha naravona ny fandraisam-pitenenan'izy ireo dia manohana tsy ampihambahambana ny filatsahan-dRamatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona ho Filohan'ny Antenimierampirenena ary nitaona ny Solombavambahoaka rehetra mba handatsaka ny vato ho azy.

Andriamatoa REMI dit DJAO JEAN kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa manohana toy ireo Solombavambahoaka teo aloha ary nanamafy fa aleo atao ara-dalàna ny fizotry ny fifidianana.

Nomarihany ihany koa fa tsy ho anisan'ny hilatsaka hofidina ho Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Mahajanga ny tenany.

Rehefa nandray fitenenana Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, nambarany fa amin'ny alalan'ny antoko mpanohitra no itenenany ary nanamarika izy fa tokony hanaradalàna sy hanaja ny demokrasia ny kandida tokana atolotra eto raha te-hiara-hiasa amin'izy ireo mba hisian'ny tany tan-dalàna sy ny fifanakalozan-kevitra eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

Izany no fepetra napetraky ny antoko mpanohitra mba hisian'ny fiaraha-miasa maharitra.

Teo ampamaranana ny teniny, nolazainy fa manohana ny kandida tokana natolotra ny antoko politika misy azy ireo.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ireo Solombavambahoaka teo ambony dia nomen'Andriamatoa Zokiolona Lefitra fitenenana Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona izay notronin-dRamatoa VOLAHAINGO Marie Thérèse teny anoloana.

Nambarany fa miombon-kevitra amin'ny rehetra izy tamin'ny nanoloran'izy ireo azy ho kandida tokana ho Filohan'ny Antenimierampirenena. Notsindriany avy hatrany fa hizotra araka tokony ho izy ny fifidianana izay ho Filohan'ny Antenimierampirenena raha ny andininy faha-13 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ity Andrimpanjakana ity no ampiharina.

Nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra tamin'izany ny tenany.

Nomarihany taorian'izay, fa tamin'ny dimy taona lasa, tsy nahitana fomba fijery tokana tahak'izao miseho anio izao tamin'izany fotoana izany na teo amin'ny samy mpanohitra aza.

Notsindriany ihany koa, fa vita soa aman-tsara ny fifidianana Filohampirenena sy ny fifidianana Solombavambahoaka; nizotra ara-dalàna izany ka nahatongavana amin'izao sehatra misy antsika ankehitriny izao. Tamin'izany no nahaterahan'ny fitenenana hoe "Alefa BAREA"; izany hoe miara-mirona ho iray isika rehetra ho amin'ny fampandrosoana ny firenena. Fanampin'izay, hiantoka ny fahamarinan-toeran'ny fitondrana ny fametrahana Antenimiera matanjaka amin'ny alalan'izay firaisan-kina izay.

Mitaky fahavitrihana amin'ny asa sy fifanajana amin'ny fanehoan-kevitra atao anefa izany firaisan-kina izany koa na tsy mitovy hevitra aza, aoka haseho ny tanjona iraisana dia ny fampandrosoana ny firenena izay hiantoka ny antsoina hoe "emergence" amin'ny "cadre juridique". Tsy hisy ho diso anjara amin'izany isika Solombavambahoaka rehetra fa samy hisitraka ny fampandrosoana any amin'ny Faritra niaviantsika tsirairay avy. Hataontsika vaimpandrahara ny fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta satria nomen'ny HCC fahefana feno hanao izany isika.

Ho an'ny Solombavambahoaka kosa manentana ny hanaovana tatitra any amin'ny vahoaka nifidy antsika amin'ny alalan'ny asa izay hotontosaintsika eto amin'ity toerana ity amin'ny ampahany betsaka indrindra.

Teo ampamaranana ny teniny, nitaona ny Solombavambahoaka rehetra izy mba handrotsaka ny vato ho azy amin'ny mahakandida tokana ny tenany araka ny voalaza teo ambony.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Zokiolona Lefitra fa hiroso amin'ny fifidianana ny Solombavambahoaka, ka araka ny fanao, izay votonona anarana dia mandroso manatanteraka ny andraikiny.

Ny Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Perrot sy ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien no mpanara-maso ny vata fandrotsaham-bato.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanisam-bato ny mpivory.

Nanatontosa izany ny Solombavambahoaka isany:

- RANDRIANASOLO Jean Nicolas
- DJAOSERA Irenée
- ASSIMO Bruno
- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Perrot
- ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien

Toy izao ny vokatry ny fifidianana:

- Isan'ny mpifidy voasoratra anarana: 151
- Isan'ny Solombavambahoaka nandatsa-bato: 147
- Vato maty sy tsy manan-kery: 00
- Vato azon'ny kandida RAZANAMAHASOA Christine Harijaona: 147.

Nambaran'Andriamatoa Zokiolona Lefitra fa lany ho Filohan'ny Antenimierampirenena, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Solombavambahoaka voafidy tao Ambatofinandrahana.

Rehefa avy niarahaba sy nirary soa ho azy hahaleo, halasana hahavita be amin'ny adidy masina izay miandry ny Filoha ny Zokiolona Lefitra dia niangavy ny Filoha vaovao mba handray ny toerany eny amin'ny "perchoir".

Tamin'ny 8 ora sy 15 minitra, alina, Ramatoa Filoha, no nandray ny toerany.

Niroso avy hatrany tamin'ny lahateny fohy Ramatoa FILOHA.

Fisaorana an'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny andinin'ny Soratra Masina no nisantarany ny teniny.

Nisaotra ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fametrahana fitokisana amin'ny hitondrany ny Antenimierampirenena amin'izao fe-potoana fanaovana-dalàna faharoa amin'ny Repoblika faha-4 izao ny tenany.

Nomeny toky fa haverina amin'ny hasiny tany aloha ny Antenimierampirenena mba hifandraika amin'ny politika itondran'ny Filohampirenena ny tany sy ny fanjakana amin'izao fotoana izao.

Nambarany ihany koa fa hanaja sy hanome lanja ny sata demokratika repoblikana araka ny vinan'ny Filohampirenena ny tenany amin'ny fitantanana ny Antenimierampirenena.

Hiezaka ny hisian'ny "redevabilité" avy amin'ny fitondram-panjakana mba hiantraika mivantana amin'ny vahoaka ny fampandrosoana, ka ny Solombavambahoaka no ho fitaratra amin'izany.

Hatao ihany koa ny hampivoitra ny fifanakalozan-kevitra amin'ny ankolafy rehetra satria ilain'ny fampandrosoana ny firenena izany na tsy mitovy aza ny firehana.

Tsy maintsy ho jerena ny fampitaovana ny Solombavambahoaka mba ahafahan'izy ireo manatanteraka antsakany sy andavany ny asany.

Fisaorana ny antoko mpanohitra tamin'ny fandaniana azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena no anisan'ny notsindriany talohan'ny hidirany amin'ny asan'ny Solombavambahoaka sy ny fandraharahana eto amin'ny Andrimpanjakana.

Hezahina ny hisian'ny fiara-miasan'ny Antenimierampirenena Malagasy amin'ny Antenimiera any ivelany.

Hatao izay hisian'ny fifanakalozan-traikefa amin'ireo Antenimiera voalaza eo ambony.

Hampanraisina anjara mavitrika ka tsy hatao ambanin-javatra ny fandinihan'ny Vaomiera amin'ny antsipiriany ireo volavolan-dalàna avy any amn'ny Governemanta fa tsy hatao botolo.

Ho an'ny Antenimiera manokana, hojerena ny fampitaovana ny fandraharahana ato anatin'ny sy ny manodidina azy mba ho Antenimierampirenena mendrika izany anarana izany ity Andrimpanjakana ity. Tafiditra ao anatin'izany ny fijerena ny mpiasa, ny fanantotosana ny asa, ny fifandraisan'ny mpitondra sy ny mpandraharaha.

Notolorany fisaorana ny vahoaka Malagasy, indrindra ny vahoakan'Ambatofinandrahana tamin'ny nahavoafidy azy ho Filohan'ny Antenimierampirenena.

Tsy latsa-danja tamin'izany ny fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra tamin'ny fanatontosana ny adidiny ka nahalany azy ho Filohan'ity Andrimpanjakana ity.

Rehefa izany, tamin'ny alalan'ny tsangan-tànana no nanapahana fa hotohizana rahampitso Alarobia 17 Jolay 2019 ny fifidianana ireo Solombavambahoaka handrafitra ny Birao Maharitra, satria Solombavambahoaka miisa 136 no nanaiky fa hatao rahampitso ny fandaharam-potoana manaraka, Solombavambahoaka miisa 9 no nitsipaka ary Solombavambahoaka iray no tsy nilaza ny heviny.

Rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa FILOHA dia niato tamin'ny 8 ora sy 40 minitra, alina, ny fivoriana.

Ny Solombavambahoaka ZOKIOLONA LEFITRA



ANDRIAMIASOIA Doda Nirimboavonjy

Ny Solombavambahoaka ZANDRIOLONA



TSARADIA Marco